Embassy of the United States
ANTANANARIVO

USAID
FROM THE AMERICAN PEOPLE

FANAMBARANA AN-GAZETY

Avoaka avy hatrany
12 desambra 2020
Masoivoho amerikana eto Madagasikara/USAID Madagascar
Lah.: +261/20-23-48000 x 2584 | AntananarivoPress@state.gov
Lah.: +261/20-23-48000 x 2730 | agklei@usaid.gov

Nanao tombana ny fizotran'ny fanampiana omen'ny governemanta amerikana any atsimo ny Ambasadaoro Michael P. Pelletier

ANTANANARIVO – Nitsidika ireo distrika efatra tena ianjadian' ny tsy fanjarian-tsakafo any atsimon'i Madagasikara ny Ambasadaoro Amerikana Michael P. Pelletier sy ny Tale Jeneralin'ny USAID Atoa John Dunlop mba hanao tombana ny fizotran'ny fanampiana hiatrehana ny hamehana omen'ny governemanta amerikana. Tamin'ny volana Jolay dia nanome fanampiana ara-tsakafo 8.330 taonina ny governemanta amerikana, tamin'ny alalan'ny USAID, mba hamaliana ny filàna ara-tsakafon'ireo olona maherin'ny 350.000, anisan'izany ireo vehivavy bevohoka sy mampinono miisa 20.500. Ny volana Oktobra indray dia famatsiambola fanampiny mitentina 2,5 tapitrisa dolara no nomen'ny governemanta amerikana ny WFP sy ny UNICEF mba hitsaboana ireo zaza latsaky ny 5 taona miisa 64.000 ianjadian'ny tsy fanjarian-tsakafo antonony sy mahery vaika.

Ny distrikan'Ampanihy, Tsihombe, Ambovombe, ary Amboasary no notsidihan'ny Ambasadaoro Pelletier sy ny Tale Jeneralin'ny USAID Atoa Dunlop, ka nihainoany mivantana ny feon'ireo mponina nandray ny fanampiana ara-tsakafo avy amin'ny governemanta amerikana. Notsindrian'Atoa Masoivoho ny maha-zava-dehibe ny fiaraha-miombon'antoka, ka nanamarihany fa ny governemanta amerikana, amin'ny alalan'ny USAID, dia niara-niasa hatrany tamin'ny governemantan'i Madagasikara sy ireo mpiombon'antoka eto an-toerana mba hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo any atsimon'ny nosy. Ny fandrindrana ny fanampiana no votoatin'ny fihaonan'ny delegasiona izay notarihany sy ireo solontenan'ny governemanta foibe sy tany an-toerana ary ireo solontenan'ny mpiara-miombon'antoka amin'ny USAID izay manatanteraka ny asa fanampiana fiatrehana ny hamehana dia ny World Food Programme, ny UNICEF, ary ny Catholic Relief Services.

Hatramin'ny taona 2015, ny governemanta amerikana no mpamatsy lehibe indrindra fanampiana ara-tsakafo sy fitaovam-pambolena ho an'ny faritra atsimon'i Madagasikara, nanome vola mitentina 100 tapitrisa dolara ho fanampiana amin'ny hamehana. Ny governemanta amerikana ihany koa dia manome tohana amina fanampiana ho an'ny fampandrosoana sy fanamafisana fahaiza-manao amin'ny sehatra maro manerana ny nosy. Tamin'ny taon-dasa dia mitentina 114 tapitrisa dolara ny fanampiana nentin'ny USAID, ka ny 62 tapitrisa tamin'izany dia teo amin'ny sehatry ny fahasalamana, izay i Etazonia no firenena mpanome fanampiana lehibe indrindra. Ny 52 tapitrisa ambiny kosa dia nanampiana tetikasa isan-karazany ho fampandrosoana ny toekarena sy ny asa, fiarovana sy fampivelarana ny harena voajanahary sy ny maha-olona, ny harena an-dranomasina sy ny ala, ary ny fampiroboroboana ny fambolena lovain-jafy sy ny fanjarian-tsakafo.

###